KISOA

Toko -1-FISAFIDIANANA NY KISOA HAKANA TARANAKA

Ny Kisoa azo antoka izany hoe fanta – pihaviana sy fantatra karazana ihany no hisafidianana ireo izay hatao Ray sy Renin – kisoa (hakana taranaka), raha azo atao dia kendrena mba ho karazana madio tsy mifangaro. Maro ny karazan–kisoa azo hisafidianana sy misy eto Madagasikara.

Karazana kisoa no mety eto Madagasikara :

1.1./ Large White (L.W)

- Be vatana sy mavesa-danja sady Haingam-pitombo sy be hena
- Tokam-bolo: Fotsy sy Fohifohy sy boribory vava
- Kely sy tsangana ny sofiny, mahitsy lamosina
- Miteraka in-droa isan-taona ka 10 ka hatramin'ny16 isaky ny miteraka,

1.2./ Karazana kisoa Land-Race :

- Tsy mavesa-danja noho ny L.W kanefa hainga-pitombo
- Tokam-bolo: fotsy, somary lavalava vava ary kopaka ny sofiny
- Lava vatana noho ny LW , Be hena no kely tavy

1.3./ Kisoa gasy :

- Mainty, sada mainty, lava vava, kopa-tsofina, kely vatana, tsara hena, Maivan-danja, mora velomina, mora ompiana, miadam-pitombo
- Ny kisoa gasy dia mahatanty tanteraka ny toetr'andro sy ny toetany eto Madagasikara

Toko -2-2-Fomba Fiompiana:

Azo zaraina efatra ny fomba fiompiana misy eto Madagasikara

- Fiompiana netim-paharazana : Alefa mihejy ny kisoa, omena potik'anina
- Fiompiana nentipaharazana manara-penitra
- Fiompiana Artizanaly
- Fiompiana indostrialy.

Araka izany dia hita fa samihafa ny fomba fiompiana, ka samihafa manaraka izany koa ny fomba fanomezana sakafo ny biby sy ny fomba fiompiana azy.

Toko -3-Karazan-tsakafo misy eo amin'ny Kisoa araka ny sokajiny :

Kilasiana araka ny sokajy misy azy sy ny taonany ny sakafo tokony homena ny kisoa :

- Ho an'ny Renikisoa mampinono,
- Ho an'ny zanakisoa mbola minono,
- Ho an'ny zanakisoa misara-nono,
- Fampitomboana,
- Fanatavezana ,
- Ho an'ny reninkisoa bevohoka
- h- Hoa an'ny Renikisoa miala sasatra sy ny lahinkisoa

3.1./ Sakafo feno na Praovandy :

Ny sokajin-kisoa rehetra dia azo velomina sy ampamokarina amin'ny alalan'nypraovandy, miampy ny rano fisotro.

- Tsy maintsy fantarina ny otrik'aina rehetra ilain'ny biby ao anatin'ny praovandy omena azy.
- Araka izany dia ilaina fantatra ny Lanjan'ny otrikaina ao anaty sakafo tsirairay isaky ny 1kg sy ny filan'ireo kisoa omena ny sakafo.
- Ny provandy izany dia fitambarana karazana sakafo maromaro izay ilain'ny biby. Noho izany dia ezahina ny hanomezana ireo fomba samihafa ahazoan'ny mpiompy tsirairay avy manome sakafo mifanentana amin'ny biby fiompy, arakaraka izay zava-misy eo am-pelatanany sy ny fomba ahazoany manatanteraka an'izany.
- Raha jerena amin'ny ankapobeny dia fomba roa no ahafahana manome sakafo ny kisoa.
    - Fanomezana sakafo tsy voafetra:
    - Fanomezana sakafo fototra miampy sakafo fameno

3.2./ Sakafo fototra :

- Sakafo izay misy eo am-pelatanana, ka mitondra hery: Katsaka, Mangahazo, Apombo, sy izay azo volena ka misy eo an-toerana.

3.3./ Sakafo Fameno « Concentré » :

- Sakafo natao hanampy ny sakafo fototra .
- Ny praotida, vitamine, mineraly, angovo, no hita misongadina ao aminy, efa misy sakafo fameno voaomana ary azo vidiana eny amin'ny mpivarotra sakafom-biby

3.4./ Fatran-tsakafo

- Arakaraka ny sokajin'ny kisoa ny fatran-tsakafo omena azy

3.5./ Rano

- Omena izay laniny ny kisoa. Rano madio no omena azy amin'izany. Fadiana ny manome ranon-dolana mba hisorohana ny fiparitahan'ny aretina.

Toko -4-FAMPITOMBOAN-TARANAKA NY KISOA

4.1./ Karazany

- Alohan'ny hanombohana ny fiompiana dia tokony ho fantarina tsara ny karazana kisoa tokony hompiana, mba hisian'ny fahombiazana hatrany sy handraisana fanapahan-kevitra amin'izay hatao rehetra.

4.1.1./ *Fotoana hampamokarana ny kisoa (LW, LR, safiotra)*

- **Lahy : -**
  - Feno 8 volana da afaka mampitombo taranaka ny kisoa lahy. Tsara raha feno 10-12 volana izy mba tsy handreraka azy,120-140 kg ny lanjany amin'izay.
- **Vavy : -**
  - 7-8 volana dia azo ampanarahana,90- 100 kg eo ho eo lanjany,

- Tsy tsara no mapanaraka azy alohan'io fotoana io: manimba ny fitombony no tsy mahatsara sady mahavitsy ny zanany,
- afaka miteraka in-6 izy (3 Taona)

4.1.2./ *d- Fisafidianana ny kisoa hankana taranaka.*

- Tsy tombana ety ivelany no hanaovana ny fisafidianana fa amin'ny alalan'ny fikatsahana ny Fihaviany . Izany hoe: ny raibeny sy ny renibeny, ny Ray sy ny Reniny; satria ny toetran'ireo matetika no nifindra taminy.
- Koa ny tokony hampamokarana amin'ny kisoa vavy dia tokony kisoa avy amin'ny renin-kisoa maro anaka sy mahay mitaiza no hakana azy ho reninkisoa (10 fara fahakeliny ny isan'ny zanakisoa teo am-piterahana). Rehefa vita izay dia tsara ihany ny mijery ny ety ivelany: Haingam-pitombo nefa tsy matavy loatra, Mahitsy sy matanjaka ny tongony,
- Biby salama hatramin'ny nahaterahany
- 12-16 ny isan'ny nonony (Ny isa tsy ankasa ; tsy dia tsara loatra)
- Malemy paika.
- NB : Tsy tokony hankana taranaka ny zana-bantony
- Tsy tokony hampivadiana ny biby mpihavana

Toko -5-Fitantanana ny fiompiana reninkisoa

5.1./ Fampanarahana :

5.1.1./ *Fisehony ety ivelany Fahatairana*

- Mivonto sy mihamena ny fivaviany
- Mitaingina ny namany,
- Manaiky taingenan'ny namany,
- Tsy mazoto homana,
- Tsy maha tombina ny kisoa,mandrongabala

5.1.2./ *Fepetra raisina*

- - Tokony hanaraka ny kisoa eo amin'ny 8 volana aorian'ny haterahany (eo amin'ny 100 kg eo ho eo ny lanjany) ; raha tsy izany dia misy fiatraikany ratsy amin'ny famokarana any aoriana.

- NB : 21 andro aorian'ny fahantairana voalohany no miverina ny fahatairana faha-2
- Afindra trano mifanila amin'ny lahinkisoa izy, na mifanakaiky amin'ny reninkisoa taitra
- Tsy omena sakafo sy rano fisotro mandritra ny andro iray na 24 ora.
- Mety ihany koa ny hanindromana ny kisoa Vitaminina A D 3 E

5.1.3./ *Fotoana fampanarahana ny kisoa :*

- Raha mihetsika maraina dia hariva no hampanarahana
- Raha mihetsika hariva dia maraina no hampanarahana
- Averina in-2, mielanelana 12 ora ny fampanarahana mba hahatomombana tsara azy :
    - Raha ny maraina ny voalohany dia averina ny hariva.
    - Raha ny hariva kosa ny fampanarahana voalohany dia ny ampitso maraina ny faharoa

5.1.4./ *Tsara ho fatatra :*

- Tsy tokony tabatabaina ny reninkisoa mandritra ny firaisana (6- 15 mn eo ho eo)
- Raisina antsoratra ny daty nampanarahana mba hijerena azy raha miverina na tsia ao afaka 21 andro ny fahatairany.
- - Raha tsy miverina ny fahantairana dia bevohoka ny kisoa ka ny daty faha-2 ny nampanarahana no entina hamantarana ny fiterahany. 114 andro aorian'ny fanarahana ny fiterahany (3 volana, 3 herinandro, 3andro)

5.1.5./ *Fotoana maha bevohoka azy (Fitondrana vohoka)*

- 114 andro ny fitondrana vohoka eo amin'ny kisoa
- Mila fitandremana ny lafiny ara-tsakafo: voafetra ny lanjany ara-tsakafo homena azy 2 kg – 2,5 kg isan'andro
- Tsy tsara raha matavy loatra ny kisoa mandritra ny fitondrany vohoka

5.2./ Fiterahana

- 10 – 15 mn eo ho eo ny elanelan'ny fivoahan'ny zanany. Mety maharitra hatrany amin'ny 9 ora ny faharetan'ny fiterahana
- Ny fivoahan'ny ahitra na tavonony 2 no mamarana ny fiterahana ke mety maharitra eo amin'ny 1 ora – 2 ora (Marihina fa mandeha tsikelikely)

5.3./ Fisaraha-nono

- Feno 45 andro dia efa azo saraha-nono ny zanaka kisoa rehefa hita fa mahavelo-tena. Ny renikisoa no afindra toerana fa ajanona ao ihany ny zanany.
- Tsy omena rano sy sakafo mandritra ny 24 ora ny renikisoa aorian'ny fisaraha-nono mba hampiverina ny fahatairany afaka 7 andro.